REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**FAMPITAM-BAOVAO**

**Fanaovan-tsonia ny "Fandaharanasa Nasionaly fampisakafoana an-tsekoly" na "Cantines Scolaires": fanavaozana sy fanatsaràna lehibe eo amin'ny sehatry ny fanabeazana manontolo**

Ao anatin'ny fanatontosana ny velirano fahaefatra izay nifanaovan'ny Filoha Andry RAJOELINA tamin'ny vahoaka Malagasy, ary mifandraika indrindra amin'ny tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra na ny "ODD" eo anivon'ny Firenena Mikambana, izay mametraka ho laharam-pahamehana ny fanomezana fampianarana sy fanabezana ara-kalitao ho an'ny tanora sy ny zaza, dia notanterahana androany alarobia 6 oktobra 2021, tao amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha, ny lanonana fanaovan-tsonia ho fametrahana amin'ny fomba ofisialy ny "Programa nasionaly fampisakafoana an-tsekoly" na "cantines scolaires" manerana ny Nosy. Nambaran'ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA fa izao fanapahan-kevitra izao dia hitondra fanavaozana sy fanatsaràna lehibe eo amin'ny sehatry ny fanabeazana eto Madagasikara, satria hatramin'izay dia maro ny mpianatra mitsoaka an-daharana na tsy miditra an-tsekoly noho ny antony maro, ka anisan'izany ny fahasahiranana sy ny olana ara-tsakafo. Anisan'ny maha-ratsy ny vokatry ny fanabeazana ihany koa io olana ara-tsakafo io, hoy hatrany ny Filoha.

Eo anatrehan'izany, ny fitondram-panjakana izay tarihan'ny Filoha Andry RAJOELINA dia nanapa-kevitra fa hanamafy ny asa atao amin'ny famahana ny olana ara-tsakafo eo amin'ny mpianatra, sy hanamaivana ireo vesatra rehetra amin'ny alalan'ny fametrahana ny « Cantines scolaires » eny anivon'ny EPP amina Faritra 17 manerana ny Nosy, izay mitsinjara amina Distrika 43. Ka omena sakafo avokoa ireo ankizy any am-pianarana, mba harisika hiditra an-tsekoly sy hazoto hianatra, mba hampitombo ihany koa ny tahan'ny fampidirana an-tsekoly. Izany ezaka izany dia hampitombo ny taham-pahombiazana eny anivon'ny sekoly. Marihana fa tsy vao izao no nanatanteraka izany ny fanjakana Malagasy, satria raha ny tamin'ny taona 2020 fotsiny dia zaza iray hetsy (100.000) mahery no nisitraka an'izany nanerana ny Nosy. Mba tsy hisian'ny tombo sy hala kosa nefa dia misy ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka, ka hampitomboina ho 18 miliara Ariary ny tetibola manomboka amin'ity taom-pianarana ity, ary ho lasa 525 524 ny isan'ireo mpianatra hisitraka izany. Omena tombony manokana ihany koa ireo mpianatra any Atsimon'ny Nosy, indrindra ao Faritra Androy sy Anosy, izay misedra sy miaina ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny Kere, ka hisitraka ity fampisakafoana an-tsekoly ity avokoa ny mpianatra rehetra any amin'ny EPP sy CEG ary Lisea any an-toerana, ho fitsinjovana azy ireo manoloana io olana goavana io.

Teo am-pamaranana dia nanantitratitra ny Filoha RAJOELINA fa ny fametrahana an'ity « Programa nasionaly fampisakafoana an-tsekoly » ity, na « cantines scolaires », dia fanomezan-toky amin'ny fanamafisana ny ady atao amin'ny tsy fanjariana sy tsy fahampian-tsakafo an-tsekoly. Nanao antso avo ary nisaotra sahady ihany koa ny Filoha ho an'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra ho amin'ny fanampiana amin'ny

fanatanterahana ny fanamby napetraka, mba ho tombontsoan'ny zaza Malagasy rehetra. Ny lanonam-panaovan-tsonia androany tao amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha dia notanterahina niaraka tamin'ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena Ramatoa Sahondrarimalala Marie Michelle, sy ireo tomponandraikim-panjakana maro, ny solombavambahoaka, ireo mpiara-miombon'antoka isan-tsokajiny eo amin'ny sehatry ny Fanabeazana, ary ny solon-tenan'ny ankizy mpianatra manerana an'i Madagasikara.

**Direction de la Communication et des Relations Publiques**
**06-10-2021**